
# Commerson's Leaf-nosed bat
# *Hipposideros commersoni*



Izy ity no lehibe vatana indrindra amin'ireo ramanavy mpihinana bibikely eto Madagasikara, ary iray amin'ireo lehibe indrindra maneran-tany mihitsy aza. Lehibe tokoa mantsy izy, hany ka hazain'ny olona hataony sakafo any amin'ny faritra atsimon'i Madagasikara.
Any an'alan'i Madagasikara no monina sy mitady sakafo ity karazan-dramanavy ity, nefa mila lava-bato koa izy hitoerany mandritra ny antoandro. Any amin'ireo ala tsy misy lava-bato dia eny ambony hazo indraindray no itoerany, ary indraindray eny amin'ny trano mihitsy aza.

Tena hafakely tokoa ny fomba fiainany ka izao ireo mpahaiaina (biôlôjista) eto Madagasikara vao manomboka mahazo izany. Mifindra monina lavitra ny ramanavy toa azy any Afrika (300 km), ary mankany amin'ny faritra betsaka sakafo. Tsy mbola fantatra aloha ny momba ny ramanavy eto Madagasikara, fa mazàna izy ireo no tsy hita any an'ala mandritra ny main-tany, nefa dia tonga marobe indray amin'ny vanim-potoanan'ny orana. Hahafahana mamantatra ny fomba fiainan'ity karazan-dramanavy ity ny fikarohana ataon'ireo mpianatra ao amin'ny Bat Conservation Madagascar.

Raha ny fisamborana ireo bibikely eny am-panidinana no ahazoan'ny ankamaroan'ireo ramanavy mpihinana bibikely ny sakafony, ny *Hipposideros commersoni* kosa dia mihantona eny ambony hazo ary miandry fotsiny ny fandalovan'izay azony atao sakafo eo. Ny fitiliana tsara amin'ny alalan'ny fanilo amin'ny alina dia mety hahitana ity ramanavy lehibe hatsa-doko ity mihantona eny amin'ny toerana tiany indrindra iteronteronana.



---

*Latimeria chalumnae*
UNIVERSITÉ D'ANTANANARIVO
DÉPARTEMENT DE BIOLOGIE ANIMALE

Moka, karazan-dalitra hafa, hala ary voangory no hanin'ireo ramanavy madinika mpihinana bibikely. Ny fanadihadiana natao kosa anefa dia maneho fa bibikely veventy vatana tokoa no hanin'ny *Hipposideros commersoni*. Anisan'izany ohatra ny jorery, ny samoina lehibe ary ireo karazam-boangory eny amin'ny tany eny izay mety hahatratra 30 mm ny halavany. Heverina fa afaka misambotra bibikely vaventy vatana eny amin'ny tany eny ity karazana ramanavy ity. Angamba ny hamaroan'ireo sakafony no mibaiko ny fifindrafindran-toeran'ireo ramanavy ireo eto Madagasikara. Any an-tany hafa ny karazan-dramanavy lehibe toa azy ity dia mihinana sahona madinika, biby mpikiky sy ramanavy hafa mihitsy aza. Ny fanadihadiana lalina kokoa dia mety hahafahana manaporofo fa mpihinan-kena koa ny *Hipposideros commeroni*. Lehibe loatra mihitsy mantsy ny nifiny !





Manamora ny fanaraha-maso azy ny habeny tsy dia mahazatra loatra sy ny fomba fiainany. Mora kokoa ny fanaraha-maso azy raha oharina amin'ny fijerena ireo karazan-dramanavy hafa eto Madagasikara. Na eny aminn'y faritra iva aza no ahitana ny *Hipposideros commersoni*, dia miavaka kokoa ny Valanjavaboaharim-pirenen'Ankarafantsika amin'ny maha-toerana tsara azy hanaraha-maso ny *Hipposideros commersoni*. Hita mihantona eny amin'ireo hazo maniry eny an-tsisin-dalana ao amin'ny valanjavaboahary ireo ramanavy. Ahitana azy koa any ambany tafon-trano.

Ny fikajiana ny ramanavy eto Madagasikara

Tsy nisy raha tsy vao haingana ny fikarohana momba ny ekôlôjia sy ny fikajiana ny ramanavy eto Madagasikara. Nahafahana nahita karazan-dramanavy vaovao ny asa natao ary nahafahana nahalala kokoa ny fiantraikan'ny fanimbana ny ala eo amin'ny fiainan'ny ramanavy.

Ity taratasy mivalona ( dépliant) ity dia notontosain'ny Lamin'asa Fiarovana Ramanavy sy Fanihy (Bat Conservation) eto Madagasikara niaraka tamin'ny Departemantan'ny Haiain'ny Biby eny amin'ny Oniversiten'Antananarivo, ny Oniversiten'i Aberdeen ary ny ANGAP.

Lamin'asa Fiarovana Ramanavy sy Fanihy [Bat Conservation Madagascar]

B.P. 5181, Antananarivo

Tel : 20 2252379 and ramanavy@wanadoo.mg